# Lesona 13: Fahasoavana, Fitiavana, Ary Firaisana

## A. Ny fahasoavan'i Jesosy Kristy Tompo …ho amintsika rehetra

1. Ahoana no hanombohan'i Paoly sy hamaranany ny taratasy faharoa ho an'ny Kristiana tao Korinto? 2 Korintiana 1:2, 13:14
2. Ahoana no nanehoana ny fahasoavan'i Jesosy Tompo? 2 Korintiana 8:9
3. Inona no hevitry ny hoe ny fahasoavan'i Jesosy Kristy Tompo “ho amintsika”?
4. Oviana no nandraisanao ny fahasoavan' Jesosy Kristy Tompo? (fotoana iray voafaritra, sa isan'andro?)

## B. Ny fitiavan'Andriamanitra … ho amintsika rehetra

1. 2 Korintiana 13:14 Maro ireo toetran'Andriamanitra izay afaka tanisain'i Paoly. Nahoana izy no mifantoka amin'ny fitiavana *agapé* an'Andriamanitra ary miantso Azy ho “Andriamanitry ny fitiavana” (2 Korintiana 13:11)? 1 Jaona 4:8
2. Inona no hafatra mampahery momba ny fitiavana agapé an'Andriamanitra izay zarain'i Paoly ho an'ny Kristiana ao Roma? Romana 8:37-39
3. Ahoana no ahatonga ny fitiavan'Andriamanitra “ho amintsika”? Romans 5:5
4. Inona no teny fikasana mahatalanjona zarain'ny Apostoly Jaona momba ny fitiavana *agapé* an'Andriamanitra? 1 Jaona 4:12

## D. Ny firaisana amin'ny Fanahy Masina … ho amintsika rehetra

1. 2 Korintiana 13:14 Nahoana i Paoly no nisafidy ny teny “firaisana” (*koinonia*) raha miresaka momba ny Fanahy Masina? Jaona 14:16-18
2. Ahoana no ahatonga ny teny fikasan'i Jesosy voarakitra ao amin'ny Jaona 14:23 ho tanteraka eo amin'ny fiainan'ny Kristiana?
3. Inona no fifandraisana eo amin'ny andro Pentekosta sy ny mpino izay manokan-tena ho amin'ny *koinonia* firaisana? Asa 2:42
4. Oviana no nahatsapanao bebe kokoa ny firaisana amin'ny Fanahy Masina?

## E. Ny zavamiafin'Andriamanitra telo Izay Iray

1. Manamafy ny zavamiafin'Andriamanitra telo Izay iray ny 2 Korintiana 13:14: Andriamanitra Ray, Andriamanitra Zanaka Jesosy Kristy, ary Andriamanitra Fanahy Masina.
2. Inona no fanambarana mahakasika an'Andriamanitra telo Izay iray ao amin'ny baiko nomen'i Jesosy ny mpianany momba ny batisa? Matio 28:19
3. Inona no ambaran'ireto andininy manaraka ireto momba an'i Jesosy Kristy? Matio 1:21, Lioka 1:35, Jaona 8:58, 14:9-11
4. 3. Inona no ambaran'ireto andininy manaraka ireto momba ny Fanahy Masina? Asa 5:3-4, Efesiana 4:30, Jaona 14:26, 15:26
5. Inona no tena misy fiatraikany aminao momba ny teny famaranana nataon'i Paoly ho an'ny Kristiana tao Korinto? (2 Korintiana 13:14)